Ny LOHATENY VOALOHANY izay ahitàna andininy 15 dia mikasika ny fepetra ankapobeny. Ireo fenitra ankapobeny momba ny fiarovana ny zaza mantsy dia noraisina ao indrindra ny tsy fanavakavahana, ny fitandroana ny tombontsoa ambony sy ny taona ahafahan'ny zaza mandanjalanja. Misy ihany koa teny voafaritra ao.

Ao ihany koa no ahitàna ny fanomezana laharam-pahamehana ny fianakaviana niandohana na ny fianakaviam-be, tsy tokony hitady solon'ny fianakaviana raha tsy hita fa tsy afaka hiahy ilay zaza izy na koa tsy misy mihitsy.

Ankoatra izany, ny andininy faha-15 dia milaza fa ny fandraisana vola tsy ara-drariny dia maha-voasazy hiasa an-terivozona voafetra.

Ny LOHATENY FAHAROA izay misy andininy 58 dia mikasika ny paikady arahina amin'ny fananganana.

Misy toko 3 izy io :

Ny toko voalohany dia misy sokajy 2 izay mikasika ny fananganana tsotra.

Ny sokajy voalohany izay ahitàna andininy 7 (and.18 - 24) dia mikasika ny fepetra fananganana tsotra ary ny sokajy faharoa izay misy andininy 5 (and.25 - 29) dia mikasika ny vokany.

Ny toko faharoa kosa izay misy sokajy roa dia mikasika ny fananganana feno.

Ity Volavolan-dalàna ity dia mitondra zava-baovao. Araka izany tokoa, araka ny paikady, ny fangatahana fananganana feno rehetra na eto an-toerana izany na iraisam-pirenena dia tokony voamariky ny manampahefana ivony, ary misy ihany koa fe-potoana tsy maintsy arahina ary fepetra tokony ho fenoin'ny mpanangana sy ny atsangana.

Ny sokajy voalohany izay misy andininy 3 (and.33 - 35) dia momba ny

fepetra mikasika ny mpanangana.

Ny sokajy faharoa izay ahitàna andininy 9 (and.36 - 44) dia momba ny fepetra mikasika ny atsangana.. Ity volavolan-dalàna ity mantsy dia ahitàna ny fepetra rehetra tokony ananan'ny zaza apetraka any amin'ny akany fiahiana zaza nahazo alàlana na koa eo anivon'ny fianakaviana mba ahafahana manangana azy. Amin'ny lafin-javatra rehetra, ny fotokevitra izay tsy maintsy avoitra dia ny fanaovana ny fananganana eto an-toerana ho fenitra.

Ny toko fahatelo misy ny sokajy 3 dia mikasika ny paik'ady arahina amin'ny fananganana feno ;

Ny sokajy voalohany dia misy andininy 10 (and.45 - 54) dia mikasika ny paikady arahina amin'ny dingana ara-pitondran-draharaha izany hoe eo anoloan'ny manampahefana ivony.

Ny paikady ara-pitsarana tokony arahina dia voatondro ao anatin'ny sokajy faharoa misy andininy 11 (and.55 - 65).

Ny sokajy fahatelo kosa izay mikasika ny vokatry ny fananganana feno ary misy andininy 8 (and.66 - 73), dia mamaritra fa ny fananganana feno dia manome ho an'ilay zaza ny satan'ny zaza nateraka; tsy azo tsoahana ny fananganana feno. Ankoatra izay, ny fananganan-jaza iraisam-pirenena notononina ara-dalàna teto Madagasikara dia ekena tanteraka ho ara-dalàna any amin'ireo Firenena nankato ny Fifanarahana tao La Haye.

Ity Volavolan-dalàna ity dia mikendry ihany koa paikady fanaraha-maso ny mikasika ireo zaza natsangana tamin'ny fomba iraisam-pirenena.

Ny LOHATENY FAHATELO kosa dia mikasika ny fepetra farany.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 008/2005 tamin'ny 25 mai 2005
momba ny fanaganan-jaza

Nolianan'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-....., izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

LOHATENY VOALOHANY
FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy voalohany- Ny voteatin'ity lalàna ity dia ny hifehy ny fananganan-jaza tsotra sy ny fananganan-jaza feno na eto an-toerana na iraisam-pirenena.

And. 2- Mba ho fampiharana ity lalàna ity :

Ny atao hoe zaza dia ny olona rehetra latsaka ny 18 taona.

Ny fananganan-jaza dia rafitra izay miteraka fifamatorana araka ny lalàna fananahana na rohim-pihavanana eo amin'olon-droa, ny mpanangana sy ny natsangana.

Ny fananganan-jaza eto an-toerana dia fananganana olona tera-tany malagasy nataon'olon-tokana na mpivady samy tera-tany Malagasy.

Ny fananganan-jaza iraisam-pirenena dia fananganana zaza ataon'olon-tokana na mpivady tsy tera-tany Malagasy na mitoetra any amin'ny firenena hafa.

Ny fianakaviana niandohana dia ireo ray aman-dreny niteraka ny zaza.

Ny fianakaviambe dia ny fitambaran'ireo ray aman-dreny sy ny fianakaviana akaiky na lavitra ny zaza.

Ny solon'ny fianakaviana dia izay misolo toerana ny fianakaviana niandohana amin'ny fanatanterahana ny iray na maromaro amin'ny andraikiny.

Ny famerenana eo anivon'ny fianakaviana dia midika ny fiverenan'ny

zaza tanteraka ao amin'ny fianakaviana niandohana.

Ny akany fiahiana zaza nahazo alalana dia iray amin'ireo rafitra nahazo halalana tamin'ny fanjakana Malagasy izay afaka mandray ireo zaza mila fiarovana.

Ny manampahefana ivony dia izay tendren'ny fanjakana voatokana hanatanteraka ny andraikitra nodidian'ny fifanarahana iraisam-pirenena natao tao La Haye momba ny fifanarahana sy ny fiarovana ny zaza amin'ny fananganan-jaza iraisam-pirenena tamin'ny 29 mai 1993.

Ny fanolorana ray aman-dreny dia vanim-potoana izay anoloran'ny manampahefana ivony amin'ny fomba ofisialy zaza ho an'ny izay ho ray aman-dreny.

And. 3- Ny zaza rehetra dia miara mizaka ny zo tsy misy fanavahana, ary izany dia tsy miankina amin'ny fijerena ny firazanana, ny volon-koditra, ny maha vavy na lahy, ny fitenenana, ny finoana, ny firehana ara-politika, na hafan'ny zaza na ny ray aman-dreniny na ny mpiahy azy ara-pitsarana, ny fiaviana ara-pirenena, ara-pirazanana na ara-tsosialy, ny tsy fahafahana mizaka zo, na ara-toe-panana, ny fahaterahana na toe-javatra hafa.

And. 4- Amin'ny fanapahan-kevitra rehetra mikasika ny zaza, ny maha ambony ny tombontsoan'ny zaza no tsy maintsy tandrovina voalohany indrindra.

And. 5- Ho an'ireo olona mizaka ny zom-pirenena vahiny, dia ny lalàm-pirenena misy eo aminy avy no mifehy ny sata manokan'izy ireo.

And. 6- Ny manampahefana rehetra dia tokony hitandro lalandava mba ho henoina sy omena zo haneho ny heviny malalaka ny zaza afaka mamakafaka mikasika ireo toe-javatra momba azy, ary omen-danja izany hevity ny zaza izany araka ny taonany sy ny fahamatorany.

Ao anatin'ny paikadin'ny fananganan-jaza, ny zaza rehetra afaka mamakafaka dia tsy maintsy ampahafantarina ny vokatr'izany fananganan-jaza izany.

And. 7- Manana zo hitombo eo anivon'ny fianakaviana niandohany ny zaza. Raha tsy mahatontosa ny andraikiny amin'ny maha mpiahy voajanahary ny zaza izy dia adidy sy andraikitry ny Fanjakana Malagasy ny manampy ny fianakaviana mba ho afaka handray an-tanana ny zanany izy ary izany dia atao amin'ny alalàn'ireo sampandrahaharaha sosialy.

And. 8- Raha tsy misy ny fianakaviana niandohana dia tsara ny hametrahana ny zaza any amin'ny fianakaviambe.

And. 9- Azo atao ny mameetraka ny zaza any amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviambe mandritra ny fe-potoana nofaritan'ny didy navoakan'ny Mpitsara ny ankizy izay tsy mihoatra ny iray taona araka ny iray amin'ny toedraharaha voalaza manaraka eto :

- raha toa ny fanabeazana azy ka tsy voasahan'ny fianakaviana niandohany intsony ;
- raha toa ka nesorina tao amin'ny fianakaviana niandohany ilay zaza ;
- raha toa ka tsy manana fianakaviana niandohany intsony ilay zaza.

Na izany aza, ny fametrahana vonjimaika dia azo havaozina na miova ho maharitra araka ny fanapahan-kevitra nasiana antony araka ny maha ambony ny tombontsoan'ny zaza.

And. 10- Raha toa ka mbola manana ny fianakaviana niandohany ny zaza, ny fe-potoana noferan'ny Mpitsara ny ankizy dia trandrahan'ny sampandraharaha sosialy mba hamerenana eo anivon'ny fianakaviany ny zaza ary izany dia mba ho fitsinjovana ny maha-ambony ny tombontsoan'ny zaza.

And. 11- Raha toa ka tsy misy fianakaviana niandohana na fianakaviambe, dia azo atao ny mameetraka ny zaza any amin'ny fianakaviana solony amin'ny alalan'ny didin'ny Mpitsara ny ankizy mifanaraka tsara amin'ny lalàna manan-kery.

And. 12- Raha tsy misy ny hevitra hametrahana azy any amin'ny fianakaviana, dia apetraka any amin'ny rafitra nahazo alalana ny zaza anisan'izany ny akany fiahiana, araka ny didy fiahiana vonjimaika navoakan'ny Mpitsara ny ankizy araka ny fangatahan'ny sampan-draharaha sosialy na raha misy fahamaizana ny polisy na zandarimaria na ny fampanoavana.

Ny faharetan'ny didy fiahiana vonjimaika navoakan'ny Mpitsara ny ankizy dia mitovy amin'ny izay noferan'ny andininy faha 9.

Ny fanomezana alalana ny rafitra ao anatin'izany ny akany fiahiana dia ho feran'ny didim-panjakana.

And. 13- Ny fametrahana zaza tsy manana fianakaviana mpiahy any amin'ny rafitra ka anisan'izany ny akany fiahiana dia fepetra vonjimaika ihany. Izany no natao dia ny mba hanomana ny zaza hitoetra sy ho tamana tsara ao amin'ny fianakaviana solony.

And. 14- Izay fanapahan-kevitra rehetra noraisina mikasika fametrahana

zaza dia tsy maintsy hanaovan'ny Mpitsara ny ankizy fandinhana matetika ny toe-draharaha mifandraika amin'izany fametrahana izany. Io fandinhana io dia atao isaky ny enim-bolana raha kely indrindra.

And. 15- Tsy azon'iza n'iza atao ny mitaky zavatra na vola na tombontsoa hafa izay tsy tokony ho azo noho ny fametrahana zaza any amin'ny rafitra nahazo alalana na mandritra ny paikady anaovana ny fananganan-jaza. Saziana asa an-terivozona mandritra ny fotoana voafetra izay tratra manao izany.

LOHATENY II MOMBA NY FANANGANAN-JAZA

And. 16- Misy roa karazany ny fananganan-jaza : ny fananganan-jaza tsotra sy ny fananganan-jaza feno.

Ny fananganan-jaza tsotra dia tsy maintsy ataon'ny teratany malagasy.

Ny fananganana tsotra olon-dehibe dia azon'ny teratany malagasy na vahiny atao.

Ny fananganan-jaza feno dia azon'ny teratany malagasy na vahiny atao.

And. 17- Ny fananganan-jaza dia isan'ireo fepetra vinavinaina ho fiarovana ny zaza tsy manana fianakaviana.

TOKO VOALOHANY MOMBA NY FANANGANAN-JAZA TSOTRA

*Sokajy I
Momba ny fepetra*

And. 18- Ny fananganan-jaza tsotra dia sora-panekena ara-pitsarana natao na hiteraka amin'olon-droa tsy mifankahalala, fatoram-pihavanana namboarina, na hanamafy ny fatoram-pihavanana na rohim-pihavanana efa misy amin'olon-droa ao anatin'ny fianakaviana iray.

And. 19- Ity fananganan-jaza ity dia tsy nekena afa-tsy ho an'ny olona lahy na vavy feno iraika amby roapolo taona raha kely indrindra.

And. 20- Ny olona rehetra na zaza na lehibe dia azo anaovana

fananganana tsotra.

And. 21- Raha zaza no atsangana ka voasoratra amin'ireo ray amandreniny izy dia tsy maintsy manome ny fankatoavany tsirairay avy izy ireo ary izany dia tsy anavahana na zaza teraka tao anatin'ny fanambadiana ara-dalàna na tsia.

Raha misoratra amin'ny reniny fotsiny ny zaza, dia ampy ny fankatoavana ataony.

And. 22- Raha toa ka maty ny iray amin'ireo ray amandreny na tsy afaka maneho ny heviny, ny fankatoavan'ny iray amin'izy ireo dia ampy.

Raha samy efa maty izy ireo na samy tsy afaka maneho ny heviny dia ny fankatoavan'izay olona manana fahefana amin'ilay zaza araka ny lalàna na ny fomba amam-panao dia ampy.

And. 23- Araka ny voalazan'ny andininy faha 3 sy faha 36 amin'ny lalàna laharana faha 61-025 tamin'ny 09 Oktobra 1961 mikasika ny sora-piankohonana, ny fananganan-jaza tsotra dia tsy maintsy anaovana fanambaràna fananganana eo anatrehan'ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana ao amin'ny toeram-ponenana mahazatran'ny mpanangana.

And. 24- Ny fanambaràna dia ataon'ny mpanangana eo anatrehan'ny natsangana raha toa ka feno folo taona mihoatra izy, vavolombelona roa mihoatra ny 21 taona izaynofantenana raha mety tamin'ireo olona ao amin'ny fianakavian'ny mpanangana, sy eo anatrehan'ny olona izay nilaina ny fankatoavany, afa-tsy hoe, efa nomeny tamin'ny alalan'ny sora-tò na soratra notoavina izany.

Sokajy II Ny vokany

And. 25- Tsy manapaka ny rohim-pihavanana amin'ny fianakaviana niandohana ny fananganan-jaza tsotra.

Mbola mizaka ireo zony ny natsangana indrindra indrindra ny zo handova ary mbola manatontosa ireo adidiny.

Na izany aza, ny fahefana maha-ray amandreny izay ahatra aminy araka ny lalàna, ny fomba amam-panao, dia azon'ny manana izany afindra amin'ny mpanangana.

And. 26- Ny fananganana tsotra dia miteraka ho andraikiry ny mpanangana sy tombotsoan'ny atsangana adidy ara-tsakafo, fikarakarana sy

fanohanana. Na izany aza tsy voatery hanome izany ny mpanangana raha tsy hoe tsy afaka mahazo izany avy amin'ny fianakaviana niandohany ny natsangana.

Raha toa ka feno taona na tonga taona ny natsangana, dia ifamaliana ny adidy aman'andraikitra.

And. 27- Ny pepetran'ny lalàna laharana faha 68-012 tamin'ny 4 jolay 1968 mikasika ny fandovàna, ny didim-pananana ary ny tolotra no mamaritra ny zom-pandovan'ny natsangana sy ny mpanangana tera-tany malagasy.

And. 28- Ny fananganan-jaza tsotra dia tsy azo fafàna na foanana raha tsy misy antony mavesa-danja voalanjalanja mazavan' ny manam-pahefana ara-pitsaràna mahefa.

And. 29- Ny fanafoanana ny fananganan-jaza noho ny tsy fanarahana ireo fitsipika mipaka amin'ny votoatin-draharaha na mikasika fombafomba dia azon'ireo voakasiky ny raharaha na izay manana tombontsoa amin'izany na ny fampanoavana atao, araka ireo fitsipika voalazan'ny paikady amin'ny lalàna fampihatra andavan'andro.

TOKO II

MOMBA NY FANANGANAN- JAZA FENO

And. 30- Ny fananganan-jaza feno dia rafitra ara-pitsarana iray izay miteraka amin'olon-droa, ny mpanangana sy ny atsangana, fifamatorana ara-pananahana manome an'ity farany ny fizakan-jon'ny zaza teraka ao anatin'ny fanambadiana ara-dalàna.

Ny fananganan-jaza feno dia avoaka amin'ny alalan'ny didim-pitsarana.

And. 31- Ny fananganan-jaza feno rehetra, na ny eto an-toerana na ny iraisam-pirenena dia tsy maintsy mandalo amin'ny manam-pahefana ivony malagasy izay ho tendren'ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian'ny Governemanta.

And. 32- Ny fananganan-jaza feno iraisam-pirenena dia tsy azo atao: raha tsy aorian'ny fijerena mazava ireo fahafahana mametraka ny zaza eto an-toerana na fananganana eto an-toerana, ary mamaly ny maha-ambony ny tombontsoan'ny zaza.

*Sokajy I
Ireo fepetra mikasika nympangana*

And. 33- Ny fananganan-jaza feno dia tsy azo ekena raha tsy ho an'ny olona lahy na vavy feno telopolo taona raha kely indrindra, izay manan-janaka velona telo iandraiketana raha be indrindra amin'ny andron'ny fananganana, na dia mbola an-kibon-dreniny aza ny iray amin'izy ireo araka ny hevity ny andininy faha valo amin'ny lalàna laharana faha 63-022 tamin'ny 20 novambra 1963 mikasika ny fanahanana, ny fandroahana ary ny fiandraiketana.

And. 34- Tsy misy azo atsangana afa-tsy ho an'olona iray na mpivady lahy sy vavy, ary amin'izany dia iarahan'izy mivady atao ny fananganana. Noho izany raha mahafeno ny taona takiana ny iray amin'izy ireo dia ampy.

Tsy azo atao ny manangana zaza mihoatra ny telo.

And. 35- Ny fananganan-jaza iraisam-pirenena dia tsy azo ekena afa-tsy ho an'ny olona izay mankatò ny rafitry ny fananganan-jaza feno ny lalam-pireneny.

Ireo mpangataka hanao fananganan-jaza iraisam-pirenena dia tsy maintsy mahafeno ireo fepetra mipaka amin'ny votoatin-draharaha takin'ny lalàna ao amin'ny fireneny.

Sokajy II *Fepetra momba ny atsangana*

Art. 36- Ireto ihany ireo zaza azo anaovana fananganana feno raha toa ka latsaky ny 12 taona :

- ireo zaza manana rohim-pihavanana na fihavanana amin'ny mpanangana na amin'ny iray amin'izy ireo raha toa ka mpivady ireo hanao ny fananganana ;
- ireo zaza natolon'ireo ray aman-dreniny an-tsitra-po any amin'ireo rafitra nahazo alalana ka anisan'izany ny akany fiahiana ;
- ireo zaza tsy misy mpiyahy na tsy fantatra ny ray aman-dreniny na maty.

And. 37- Ny fananganana feno iraisam-pirenena atao amin'ny zaza izay napetraka any amin'ny rafitra ka anisan'izany ny akany mpiyahy dia tsy misokatra afa-tsy ho an'ireo izay voasoratra ao amin'ny lisitr'ireo zaza azo atsangana ao amin'ny manampahefana ivony.

And. 38- Azo apetraka ao amin'ny rafitra nahazo alalana ka anisan'izany ny akany mpiyahy :

- ireo zaza nambara fa tsy misy mpiyahy araka ny paikady voalazan'ny andininy faha-39 ;

- ireo zaza izay napetraka ao amin'ilay rafitra tamin'ny alalan'ny didy fametrahana vonjimaika nataon'ny mpitsara ny ankizy araka ny fangatahan'ny ray aman-dreniny na ilay olona izay araka ny lalàna na ny fomba amam-panao, manam-pahefana aminy sy nangalana ny funkatoavany mazava.

Ny zaza rehetra nampiandraiketina ny rafitra nahazo alalana ka anisan'izany ny akany fiahiana dia tsy azo heverina ho azo atsangana raha tsy mahafeno ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-36 amin'ity lalàna ity.

And. 39- Didy avoakan'ny mpitsara ny ankizy no anambaràna fa tsy misy mpiahy ny zaza.

Io didy io dia tsy azo avoaka raha tsy misy fampisehoana ny fitanana antsuratra nanaovana fanadiadiana sy ny taratasy milaza fikarohana tsy nahitambokany izay natao tao anatin'ny fe-potoana enim-bolana raha kely indrindra nanomboka tamin'ny nandrais'an'ny mpiandraikitra ny fikarohana ny fandikan-dalàna ny raharaha.

And. 40- Raha ambaran'ny mpitsara ny ankizy fa tsy misy mpiahy ny zaza, dia amin'io didy io ihany no amindrany ny fahefan'ny ray aman-drenin'ny zaza amin'ny olona na akany na rafitra izay nandray ny zaza na nametrahana azy.

And. 41- Raha mbola misy mpiahy ny zaza na mbola velona any ny ray aman-dreniny ka fantatra, dia takiana ny funkatoavan'ny andaniny sy ny ankilany ny fananganana.

Raha maty ny iray amin'ireo ray aman-dreniny na tsy afaka maneho ny heviny, dia ny funkatoavan'ny iray dia ampy, aorian'ny nangalana ny hevity ny fianakavian'ilay maty.

Raha samy maty izy roa na samy tsy afaka maneho ny heviny, ny funkatoavana dia omen'ilay olona izay, araka ny lalàna, ny fomba amam-panao, manam-pahefana amin'ilay zaza aorian'ny nangalana ny hevity ny filankevitry ny fianakaviana.

Raha misy tsy fitovian-kevitra, dia ny tombontsoa ambonin' ny zaza no raisina mialoha.

And. 42- Ny funkatoavana ny fananganan-jaza dia raisina amin'ny fiafaran'ny fe-potoana enim-bolana manomboka amin'ny nahazoana ny didy fametrahana vonjimaika. Mandritra io fe-potoana io, ireo olona izay nanao ny funkatoavana fananganan-jaza dia toroana hevitra, ampahafantarina ary

omanina ny amin'ny vokatry ny fankatoavana nataony any aoriana.

Ny fankatoavana fananganan-jaza ataon'ny reny dia tsy azo omena raha tsy aorian'ny fahaterahan'ny zaza ary izany dia atao eo anatrehan'ny mpitsara ny ankizy.

Hamarinin'ity farany fa tsy nosandaina vola na setriny hafa io fankatoavana io ary nifototra tamina fanazavana mazava.

Io fankatoavana noraisina io dia voarakitra amin'ny didy nasiana antony mazava.

And. 43- Ny olona izay nilaina ny fankatoavany, dia afaka misintona izany ao anatin'ny fe-potoana telo volana manomboka amin'ny vanin'andron'ny didy voatondron'ny andininy voalaza etsy aloha araka ny fombafomba teo ihany.

And. 44- Raha tsy niharan'ny fisintonana ny fankatoavana, dia karakarain'ny rafitra nahazo alalana isan'izany ny akany ny atonta-taratasin'ilay zaza. Alefa any amin'ny manampahefana ivony izany atontan-taratasy izany ho tatitra mety ho fananganan-jaza mba hanoratana azy amin'ny lisitry ny zaza azo atsangana.

TOKO III NY PAIKADIN'NY FANANGANAN-JAZA FENO

*Sokajy I
Dingana ara-pitondran-draharaha*

And. 45- Ny fangatahana fananganan-jaza feno eto an-toerana sy iraisam-pirenena rehetra dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny manampahefana ivony.

Ny fangatahan'ny mpangataka monina any ivelany maniry hanangana zaza malagasy dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny manampahefana ivon'ilay firenena handray ilay zaza.

Ny fangatahan'ny mpangataka vahiny monina eto Madagasikara dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny manampahefana ivony malagasy.

And. 46- Ny antontan-taratasy fangatahana fananganan-jaza ataon'ny mpangataka dia tsy maintsy asiana ireo taratasy takiana izay nofaritan'ny didimpanjakana noraisina tao amin'ny filan-kevity ny Governemanta.

And. 47- Ireo fifandraisana rehetra mikasika fananganan-jaza iraisam-pirenena dia atao manokana ara-pomba diplomatika eo amin'ny manampahefana ivon'ny firenena mpandray sy manam-pahefana ivony malagasy.

And. 48- Amin'ny paikady anaovana ny fananganana iraisam-pirenena rehetra, ny manampahefana ivon'ny firenena mpandray no mandefa ny antontan-taratasy any amin'ny ministeran'ny raharaha-bahiny malagasy amin'ny alalan'ireo solontena any amin'ny konsily na diplomatika malagasy ao amin'ny firenena mpandray.

And. 49- Ny Ministeran'ny raharaha-bahiny no misahana ny fanomezana ny atontan-taratasin'ireo mpangataka any amin'ny manam-pahefana ivony malagasy.

And. 50- Ny manampahefana ivony malagasy no misahana ny fanolorana ray aman-dreny ny zaza rehefa eo an-tanany ny antontan-taratasy.

And. 51- Aorian'ny filazana nataon'ny olona na ny rafitra nahazo alalana ka anisan'izany ny akany fiahiana izay nametrahana ny zaza, ny manampahefana ivony dia mandefa ny vinavina fanolorana ny zaza any amin'ny manam-pahefana ivon'ny firenena mpandray mba azahoana ny fanekena na ny fandavan'ny iray na ireo mpanangana.

Ny antontan-taratasy mikasika ny zaza dia ampiarahina amin'io vinavina io.

Ny fanapahan-kevitry ny iray na ireo mpanangana dia tokony ho tonga any amin'ny manampahefana ivon'ny firenena mpandray ao anatin'ny fe-potoana enim-bolana manomboka amin'ny naharaisan'ny iray na ireo mpanangana ny antontan-taratasy.

Raha manaiky ny iray na ireo mpanangana dia alefan'izy ireo miaraka amin'ny antontan-taratasy ny fangatahana.

And. 52- Aorian'ny faneken'ny iray na ireo mpanangana, ny manampahefana ivon'ny firenena mpandray dia mandefa ny antontan-taratasy any amin'ny manampahefana ivony malagasy mba hitohizan'ny paikady.

Raha misy fandavana dia averina any amin'ny manampahefana ivony malagasy ny antontan-taratasy ao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy teo aloha.

And. 53- Raha misy faneken'ny iray na ireo mpanangana, ny

manampahefana ivony malagasy dia tsy maintsy manao filazana nasiana antony ao anatin'ny iray volana manomboka amin'ny daty nandraisana ny antontan-taratasy.

And. 54- Ny manampahefana ivony malagasy dia mandefa avy hatrany ny antontan-taratasy mikasika ny paikadin'ny fananganan-jaza any amin'ny filohan'ny fitsarana misy ny toeram-ponenan'ny zaza ho amin'ny dingana ara-pitsaràna.

*Sokajy II
Dingana ara-pitsaràna*

And. 55- Ny antontan-taratasy dia ampidirina amin'ny fotoam-pitsarana voalohany araka izay azo atao.

And. 56- Omena fe-potoana fitsapana iray volana ireo mpanangana amin'ny alalan'ny didy avoakan'ny filohan'ny fitsarana mahefa na mpitsara notendrena hisolo azy mba hifankazarana amin'ilay zaza.

Mandritra io fe-potoana io dia tsy maintsy miseho eo anatrehan'ny fitsarana izy ireo miaraka amin'ny zaza atsangana amin'ny daty voalazan'ny mpitsara.

And. 57- Ny na ireo mpanangana dia afaka miverina amin'ny heviny mandritra ny fotoana fitsapana.

Io fanapahan-kevitra io dia raiketina amin'ny alalan'ny didy avoakan'ny mpitsara.

And. 58- Ny antontan-taratasy mikasika ny paikady fananganan-jaza dia alefa any amin'ny fampanoavana izay tsy maintsy mandray ny takiny ao anatin'ny fe-potoana 3 andro naharaisana ny atonta-taratasy.

And. 59- Ny raharaha dia atao famotorana araka ny fomba mahazatra ary tsy atao ampahibemaso ao anatin'ny fanajana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-6 etsy ambony.

Ny didim-pitsaràna dia avoaka ampahibemaso.

Ny fampahafantarana dia atao ao anatin'ny 5 andro namoahana ny didim-pitsarana.

And. 60- Ny fangatahana fanovàna didy dia misokatra ho an'ny mpiady afa-tsý ny fanohanana.

And. 61- Tsy azo tohizana ny paikady raha maty mandritra ny fotoana andehanan'ny raharaha eo anoloan'ny fitsarana ny mpanangana.

Na izany aza, raha niraisan'ny mpivady ny fananganana, ka raha maty mandritra ny fotoana andehanan'ny raharaha eo anoloan'ny fitsarana ny iray amin'izy roa, izay sisa velona amin'izy mivady dia afaka manohy ny paikady.

And. 62- Tsy terena ny fakana mpiaro ary ny mpanao fananganana no mintoka ny sarany.

And. 63- Ny fivoahan'ny zaza ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia tsy tanteraka raha tsy efa raikitra ny didy.

And. 64- Mba hamenoana ny sarany sy ny fandaliana, ny fandraisana anjara ara-bolan'ny mpanangana dia ho faritan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny filan-kevity ny Governemanta.

And. 65- Alefa mba ho raiketina amin'ny rejisystry ny soram-piankohonana eo amin'ny toerana nahaterahan'ilay zaza ny dika mitovin'ilay didy mamoaka ny fananganana feno.

Raha vao vita ny fananganana, dia tsy maintsy miaraka amin'ny zaza ny kopian'ny soram-piankohonana misy filazàna ny fananganana, ny pasipaoro, ireo sonia fanamarinana sy taratasy filazàna ilaina amin'ny famindrana azy.

Sokajy III Ireo vokatry ny fananganan-jaza feno

And. 66- Tsy azo atohitra ny olon-kafa ny fananganan-jaza feno raha tsy amin'ny andro nanoratana ny didy fananganan-jaza ao amin'ny rejisystry ny fiankohonana ao amin'ny toerana nahaterahan'ny zaza.

And. 67- Ny didy fananganan-jaza iraisam-pirenena navoakan'i Madagasikara dia nekena avy hatrany araka ny lalàna, ireo firenena hafa izay nampanan-kery ny Fifanarahana tao La Haye mikasika ny fiaraha-miasa sy ny fiarovana ny zaza amin'ny fananganan-jaza iraisam-pirenena tamin'ny 29 May 1993.

Aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana ahazoana manao fanovàna didy, dia mamoaka taratasy fanamariham-pitoviana ny manampahefana ivony.

And. 68- Ny fananganan-jaza feno dia tsy azo tsoahana.

And. 69- Ny fananganan-jaza feno, an'ny firenena na iraisam-pirenena, dia mitarika fahatapan'ny fifamatorana eo amin'ny natsangana sy ny fianakaviany niandohany ary manome ny natsangana ny satan'ny zaza nateraka eo an'ivon'ny fianakaviana nanangana.

Na izany aza, ny fananganana feno ny zanaky ny iray amin'ny mpivady dia mampitoetra ny fianahana niandohana amin'ilay vady.

And. 70- Ny ray aman-dreny nanangana dia tsy maintsy manatanteraka ireo adidin'ny ray aman-dreny manoloana ny zaza natsangana.

And. 71- Ny olona monina any ivelan'ny firenena Malagasy ka nanangana zaza taty Madagasikara dia tsy maintsy mandefa, isaky ny enim-bolana mandritra ny taona voalohany ary isan-taona ho an'ireo taona manaraka, tatitra mikasika ny fidiran'ny zaza ao amin'ilay fianakaviana vaovao mandrapaha tonga taona azy.

Ny tatitra izay natao dika roa mitovy dia omena ny manampahefana ivon'ilay firenena nampiantrano izay miantoka ny fandefasana azy any amin'ny manampahefana ivony Malagasy.

Ny dika mitoviny dia omena ny rafitra nahazo fankatoavana ary isan'izany ny akany izay nivoahan'ilay zaza.

And. 72- Araka ny fanekena fiaraha-miasa eo amin'ny manampahefana ivon'ny firenena nampiantrano sy ny manampahefana ivony Malagasy, ny manampahefana ivon'ilay firenena nampiantrano dia tsy maintsy ihany koa manao tatitra an-tsoratra momba ny fidiran'ny zaza ao amin'ny tontolo vaoavaom-pianakaviany sy sosialy ary mandefa izany tatitra izany any amin'ny manampahefana ivony Malagasy, mitovy amin'ny hatetika voalazan'ny andininy faha 72, manomboka amin'ny taona nanaovana ny fananganana sy hatramin'ny taonan'ny fahazakan-tena.

And. 73- Ny banky ny fahafantarana mikasika ny fanadihadiana momba ny niandohan'ny zaza dia napetraka eo amin'ny manampahefana ivony sy ny minisitera misahana ny atitany. Tsiambaratelo ireo fanadihadiana ireo.

Tsy misy afa-tsy izy tompon-tenany sy ny taranany no afaka mizaha izany rehefa nanao fangatahana.

LOHATENY III**FEPETRA FARANY**

And. 74- Hisy rijan-teny amam-pitsipika ho raisina raha ilaina ho fampiharana ity lalàna ity.

And. 75- Foana izay fepetra mifanohitra amin'ity lalàna ity indrindra ny andininy faha 51 ka hatramin'ny faha 78 amin'ny Lalàna laharana faha 63-022 tamin'ny 20 novambra 1963 mikasika ny fianahana, fananganan-jaza, ny fanarian-janaka ary ny fiahiana.

Antananarivo, faha

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,
NY SEKRETERA,**

LAHINIRIKO Jean